

Ny Manao ny Sitrapon'Andriamanitra

Natao ho tanteraka ao amin'i Kristy aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Nahoana isika no eto an-tany? Tsy ny manao ny sitrapontsika akory no atao, fa ny manao ny sitrapon'i Kristy, izay naniraka antsika. Nanoratra i Paoly ao amin'ny Kolosiana 1:9:

> "Ary noho izany izahay koa hatramin'ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony hianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy."

Isika dia tokony ho feno ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra. Amin'ny teny hafa, ny fahalalana ny sitrapon'i Kristy no maka ny saintsika manontolo. Izany dia ny hifehy tanteraka ny fisainantsika. Ny antony rehetra sy ny fikasana rehetra dia tokony hofehezin'ny fahalalana ny sitrapon'i Kristy.

Notohizan'i Paoly ao amin'ny Kolosiana 4:12:

> "Manao veloma anareo Epafra, ilay anankiray avy aminareo,sady mpanompon'i Kristy Jesosy, ary mikely aina mandrakariva amin'ny fangatahana ho anareo, mba hitoeranareo marina ,ka hatoky tsara amin'izay rehetra mety ho sitrapon'Andriamanitra."

Tonga lafatra sy feno irery ihany ny mpino raha toa ka mahatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra manontolo. Ny Hebreo 13 dia manambara izany fahamarinana izany amin'ny fomba kanto:

> "Ary Andriamanitry ny fiadanana, Izay nitondra an'i Jesosy Tompontsika, Mpiandry ondry lehibe, hiala amin'ny maty, mitondra ny

© 2008 - Dries Du Plessis

> ran’ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo amin’ny tsara rehetra hanao ny sitrapony." (Hebreo 13:20–21a)

Natao lavorary sy feno isika, tonga amin'ny fahatanterahana isika, raha toa ka manao ny sitrapon'Andriamanitra irery ihany, tahaka an'i Jesosy izay nahita fahatanterahana teo amin’ny Fiainany teto an-tany tamin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra irery ihany.

Raha misy ny tsy firindrana, fahasorenana, na korontana ara-pihetseham-po eo amin’ny fiainanao, dia mandehana manadihady ny fifandraisanao amin’ny sitrapon’Andriamanitra, satria tsy afaka ny ho tonga lafatra ianao raha tsy mahafantatra sy manao ny sitrapon’Andriamanitra irery ihany. Ny zavatra hafa rehetra dia tsy hitondra afa-tsy ny tsy fahafenoana sy fahasorenana.

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Asanao amiko. Manambara aho fa ny fanantenako aho dia ny mba hijoro tanteraka sy feno amin’ny sitrapon’Andriamanitra rehetra, ka tsy hahita fahatanterahana afa-tsy amin’ny fanaovana ny Sitrapony. Efa natao tanteraka ao amin'i Kristy aho amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-226-MLG

Nohavaozina farany: 29 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

